



Ny tena mpamono olona dia voaro tao an-trano, kanefa   nahatsiaro tena ho meloka izy, Koa rehefa afaka 2 andro, dia nihazakazaka nankany amin'ny paositry ny polisy izy ary nilaza hoe: "Azafady afaka manala ny rahalahiko  tsy manan-tsiny ve ianareo, izaho no tena mpamono olona." Namaly ilay polisy hoe, "Indrisy fa tara loatra, fantaro fa efa nahantona ny rahalahinao. Ary teo no nahitany azy maty. Nandohalika izy ka nitomany ary nilaza anakampo hoe: "Ny rahalahiko no nanonitra ny heloka vitako, izy no maty teo amin'ny toerako. »



Ary tsaroany ny teny farany nataon' ny rahalahiny izay maty ho an' azy : "kanefa aza adino mihitsy ny mitandrina ny lobako mba hadio foana, lavitry ny fahadalan' ity izao ntontolo izao ity".  Toy izany no nibebahan' ilay tena mpamono olona  ary dia lasa Kristianina izy


**Famoahana tantara ho an'ny fianakaviana iray manontolo!**



# Ireo mpira halahy anakiroa

365histoires.com

Jean-Louis Gaillard



Ny mpirahalahy anankiroa dia samy nandray torolàlana samihafa teo amin' ny fiainany. Ny zokiny indrindra dia naniry ny zavatra rehetra eto amin' ity izao tontolo izao ity, ary naka fizorana diso haingana. Mifanohitra amin' izay ny zandriny nandray ny filazantsara tamin' ny fivoriana ho an' ny be sy ny maro kanefa izy mbola zaza. Nanompo ny Tompo tamin' ny fifaliana sy ny fandraiketan-kevitra



Indray andro ilay zokiny nisotro toaka niaraka tamin' iray tamin' ireo namany, ary satria tena nisotro be izy ireo dia nanomboka nifanditra. Nitsambikina teo ambonin' ny namany ilay zazalahy ary nanomboka namely azy tamin' tsatokantsy. Rehefa afaka fotoana vitsy, dia hitany fa tsy niaina intsony ilay namany, fa efa maty. nanapa-kevitra ny hitsaoka miaraka amin' ny lobakany feno rà ilay zazalahy. Ireo izay nijery ny ady nanomboka nihazakazaka nanenjika azy."



Nihazakazaka faingana nankany amin' ny tranon' ilay zandriny ilay zoky lahy. Nandondona izy ary niteny hoe: "Afaka hafeninao ve izaho, azafady? Namono olona aho, ary ny vahoaka manenjika ahy". Namaly ilay zandriny hoe :" Fa aiza no hanafenako anao ato amin' ny tranoko? Tsy misy afatsy efitra iray." Noteren' ny zokiny izy :" Tsy misy fotoana verezina fa mitadiava ny hevitra rehetra mba hanafenana ahy !"

Rehefa avy nieritreritra kely dia nanolo-kevitra ilay rahalahiny hoe : "Omeo ahy ny lobakao dia alaivo ny ahy, kanefa aza adino mihitsy ny mitandrina ny lobako mba hadio foana, lavitry ny fahadalan' ity izao ntontolo izao ity".



Nampifanakalo ny lobany izy ireo, dia avy eo raha vao nivoaka ilay kristianina ary nanokatra ny varavarana, dia nanomboka nikapoka azy ny olona ary naratra mafy izy ka dia nentina tany amin' ny paositry ny polisy mihitsy



Avy teo dia nentina teo anoloan'ny fitsarana ilay raharaha ary ilay lehilahy voaheloka noho ny vono olona dia nomelohina ho faty.

365histoires.com

Planche à colorier

